# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Septambra 2018

# 20 Alakamisy septambra

**Fa ao amin'i Kristy Jesosy, ny lalànan'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalànan'ny fahotana sy ny fahafatesana.** Romana 8. 2

**Katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, Izay mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra… Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra.**
Kolosiana 3. 1, 3

## Iza no hanafaka ahy ?

Tany am-boalohany, ny hevitra nambaran'ny teny hoe „manota", dia hoe : „tsy mahatratra ny tanjona, tsy mahatratra ny zava-nokendrena". Matetika ny kristiana no tena manenina noho ny fitondrantenany amin'ny maha mpanota azy. Miezaka ny handresy io fitondrantena io izy, kanefa dia imbetsaka no tafalatsaka indray ao amin'izany. Te hanatratra ny tanjona mandrakariva izy, nefa toa tsy mety tody mihitsy.

Ny hoe ota dia mihoatra noho ny asa ratsy, na teny masiaka, na hevi-dratsy. Ny ota dia ilay hery mifamatotra amin'ny toetra nolovaintsika tamin'ireo ray aman-drenintsika, ka mitarika antsika hanao ny ratsy. Ny fihevitsika, ny teny sy zavatra ataontsika dia mipoitra avy amin'io faka mitoetra ao anatintsika io, na dia kristiana aza isika. Ary raha tsy manaiky izany zava-ins y mandoza izany, dia mety tsy hiraika intsony ny fieritreretana, manoloana ny maha zava-doza ny ota, na koa mety ho kivy ny fo, noho ny vesatry ny fahamelohana.

Fa Andriamanitra te hanome ahy ny fandresena ny ota, izay manosika ahy hanao ratsy. Tsy maintsy tsarovako fa maty nisolo ahy Jesosy, nohomboana teo amin'ny hazofijaliana. Izay mino ny Tompo Jesosy dia tokony hihevitra ny tenany ho nampiraisina tamin'Ilay Mpamonjiny maty teo amin'ny hazofijaliana. Tsy nijanona teo amin'ny hazofijaliana anefa i Kristy. Nitsangana ho velona indray Izy. Ny fanekeko fa niara-maty sy niara-nitsangan-ko velona tamin'i Kristy aho, no manafaka ahy amin'ny ota sy ny fanandevozany. Eo amin'ny fiainany, ankehitriny, dia mitandrina ny kristiana tsy hamelona amin'ny fitsiriritana ilay loharanon'ny faharatsiana ao anatiny, ka ho mpandresy izy noho ny herin'ny Fanahy Masina, Izay mahatonga an'i Kristy ho velona ao anatiny.

Ary rehefa ho avy ny Tompo haka antsika, dia ho afaka tanteraka amin'io loharanon'ny faharatsiana io isika.